



MPANKAHERY SY MPANAZAVA ARY MPAMPIHAVANA, NY FANAHY MASINA

Ry Kristianina havana, amin'izao Pantekôty izao dia azo lazaina fa fankalazana ny fahaterahantsika vita batemy, izany hoe sady mahatsiaro ny nahaterahantsika ho anisan'ny fianakaviamben'Andriamanitra, maha anisan'ny Fratelli Tutti, amin'ny maha-anisan'ny Oloaraiky antsika Jiaby antsika izany hoe mankalaza ny fahaterahan'ny Eglizy. Araka ny averimberintsika matetika ny fankalazana tsy hoe fahatsiarovana fotsiny fa noho ny asan'ny Fanahy masina izay ankalazaintsika androany rahateo ny fetiny, dia miditra tanteraka amin' izany fankalazana izany isika, mivelona izay ankalazaina.

Vakiteny I : Asa 2, 11

Tononkira : Sal. 103,

Vakiteny II : 1 Kôr. 12, 3b-7. 12-13

Evanjely : Jo. 20, 19-23

Raha misy teny naverimberintsika tamin'ny Fankalazana ny Fiakaran'i Jesoa any an-danitra dia ny hoe : PANTEKOTY VAOVAO HO AN'NY DIOSEZY, DEPART VAOVAO AORIAN'IZAO KRIZY IZAO... niantso vavaka hasiviniandro isika mialoha izao Pantekoty izao hahatsiarovana ny confinement fihibohana nataon'ireo Apostoly

miaraka tamin'i Masina Maria. Nampitovintsika amin'ny krizy niainan'ireo apostoly izao krizy mikiky antsika izao ka tena mila vavaka satria maro ny olona no « very fanahy mbola velona ». Mila ny Fanahy Masina isika hanova antsika ho tahaka ireo Apostoly feno herim-po ka vonona hihavao hijoro ho mpitory ny Vaovao Mahafaly ka isika koa ho EOV MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO MISIONERA HO TABERNAKLA VELONA HIZARA NY FAMINDRAM-PO HO GENERATION MANORINA MAMAFY FIADANANA SY FANANTENANA.

Ny voalohany azo asongadina dia ny fahariana vaovao vokatry ny fanavotan'i Kristy izay nandresy ny ratsy rehetra, nandresy ny fahotana izay nangeja ka matoky isika fa handresy ity Krizy manapotika antsika ity.

Milaza miara-mahita koa isika fa potika noho ny hetraketraka ataontsika ny zava-boaary. Mila fiovam-penitra mahery vaika isika vokatry ny asan'ny Fanahy Masina entina manorina fomba fifandraisana amin'ny zava-boaary mitondra amin'ny fivelarana ny maha-olona sy ny maha-olona

manontolo. Matetika isika no milaza fa tsy inona io fahariana vaovao entin'ny Paka fa ny fivelomantsika indray ny vôkasionsika tamin'ny nahariana antsika. Tsy inona fa napetraka Andriamanitra ao amin'ny Sahan'ny Edena isika hikarakara, hikolokolo, hiambina azy. Tsy hanjakazaka fa « hanjaka » izany hoe hanaja sy hikarakara. Io no velabelaran'i Papa ao amin'ny Laudate si ary hiezahantsika hifampizarana mandritra izao Sinaody tapany faharoa izao. Miandry antsika rehetra.

Raha tsy ao amin'i Kristy anefa isika dia mangeja antsika ny toe-pahotana vokatry ny fahotana tamin'ny fototra nolovâna tamin'i Adama sy Eva. Noho ny fakam-panahy nahazo azy ireo no nahatonga azy ireo tsy ho eo anivon'ny fianakaviam-ben'Andriamanitra. Fantatsika ny vokatr'izany eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny zava-boaary sy eo amin'ny fiaraha-monina ary eo amin'ny tontolom-piainana. Ilay hitan'Andriamanitra fa tsara, zary potika noho ny fitiavan-tenantsika sy noho ny avonavona. Miharatsy hatrany izany fifandraisana izany raha tsy mibebaka isika. Ny Fanahy Masina no manampy antsika hibebaka sy hihavao izany hoe hanavao ny fifandraisana izay mandrafitra ny maha olona antsika. Aza gaga isika raha misy krizy satria mihapotika hatrany io fifandraisana io. Mila mibebaka isika. Asan'ny Fanahy Masina ao amintsika izany. Be famindram-po tokoa Andriamanitra Ray ka naniraka an'i Jesoa zanany izay nanolotra ny ainy sy nandresy ny ratsy rehetra, nandalo ny fijaliana sy fahafatesana izy ary nitsangan-ko velona ka nampiditra antsika mianakavy ao anatin'ny fianakavian'Andriamanitra indray araka ny hira ataontsika "Ô Nivoaha ny varavaran'ny lanitra". Tanteraka izany amin'izao andron'ny Pantekôty izao, noho ny asan'ny Fanahy masina dia lasa zanak'Andriamanitra isika, olo araiky ao Aminy. Sambatra isika ry Kristianina havana mahafantatra izany ary namaly ny antson'Andriamanitra. Tsy manery antsika Andriamanitra fa ny safidintsika no mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra. Miantso antsika izy, manolotra ny Fanahy masina izy, manolotra ny finoana izy, fanomezan-dehibe no atolotr'Andriamanitra ho antsika ka anjarantsika ny mandray an'izany fanomezana izany amin'ny famaliana ny antsony. Izany ny finoana izay raisintsika ka noho ny fahasovan'Andriamanitra dia mamaly ary mahafoy koa isika manolotra ny aintsika. Izany ny vokatr'izao fankalazana ataontsika izao ka mahatonga antsika ho olo araiky, fianakaviana araiky ao amin'Andriamanitra. Fahasoavan-dehibe no ankalazaintsika amin'ity andro anio ity ka faly miarahaba antsika rehetra amin'izao andro fankalazana ny Pantekôty izao izay manampy antsika hiaina ny fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro noho ny asan'ny Fanahy masina. Vokatry ny maha Olo Araiky antsika dia mihavao koa ny fifandraisantsika samy olombelona ka manorina sy mikolokolo ny Tranoben'Andriamanitra dia izao tontolo izao. Noho ny asan'ny Fanahy Masina dia afaka mivelona ny vôkasionsika hatramin'ny nahariana antsika indray isika.

Ny faharoa dia azo asongadina amin'izao Pantekôty izao sady hamafisin'ny tenin'Andriamanitra 3 vakintsika androany. Ny vakiteny voalohany ao amin'ny Asan'ny Apôstôly (*Asa 2,11*) : noho ny asan'ny Fanahy masina dia nandray ny tenin'Andriamanitra araka ny fiteniny avy ireo rehetra tao Jerosalema, tsy hoe nisy dikan-teny "simultané" na hoe i Piera nahay ny fitenin'ireo foko marobe izay voatanisa amin'io vakiteny io, na koa hoe nahay ny fitenin'i Piera ireo vahoaka nihaino azy tao Jerosalema fa noho ny asan'ny Fanahy masina mampiombona ka mahatonga ho olo araiky ireo tao jiaby dia tsapa araky ny voatsipika mazava tsara ao amin'io vakiteny io, fa vonona namaly ny antso ka afaka nandray ny hafatr'Andriamanitra araka ny fiteniny avy izy ireo.

Ry Kristianina havana, noho ny fiombonana amin'ny Fanahy Masina dia afaka mandray ny tenin'Andriamanitra isika ary manilo antsika izany tenin'Andriamanitra izany, manilo antsika ny Eglizy izay soloin'i Piera tena eto. Fahasoavan-dehibe tokoa izao maha-olo araiky antsika izao ka ilay nofinofy nandrandraina mandrakariva tamin'ny nanaovana ny tilikambo fahiny mba hahafahana

manakatra ny lanitra dia tanteraka amin'izao. Nofinofintsika ny mba hiray tokoa amin'Andriamanitra, vokatry ny Fanahy masina izany. Izy Fanahy Masina no hahafahantsika miombona aminy ka io no antitranterin'ny vakiteny faharoa dia ny taratasin'i Md Paoly (*1 Kôr. 12, 3b-7. 12-13*). Noho ny vokatry ny Fanahy masina tokoa dia afaka manambara fa olo araiky ao amin'Andriamanitra isika izany hoe i Jesoa no Tompontsika ka afaka manolotra ny tenantsika Aminy isika. Izany no vokatry ny finoana, ambarantsika ary vonona manokana ny tenantsika sady manolotra ny tenantsika, mahafofy ho an'i Kristy ka mivelona tahaka an'i Kristy. Tsy mitsahatra isika mamerimberina fa ny Kristianina dia avy amin'i Kristy, isika mamaly ilay antson'Andriamanitra. Entanin'ny Fanahy masina isika ka manambara fa i Kristy no famonjena ho antsika, i Kristy no tokintsika ka na dia maro samihafa aza ny fiainana fa ny fiainana no anehoantsika ny maha-Kristianina araka izay talentantsika tsirairay avy, mahafofy sy manolotra ny aintsika isika ka manatanteraka ny sitrak'Andriamanitra amin'ny asa andavanandro, amin'ny fiainantsika andavanandro. "Na maro samihafa aza ny fanomezana avy amin'ny Fanahy masina dia iray ihany ny Fanahy masina, na maro samihafa aza ny fomba anehoana an'izany amin'ny fanasoavana ny maro izany dia iray ihany izany". Ny Fanahy masina no manentana antsika satria Fanahy iray ihany no nanaovana batemy antsika izany hoe mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra, na jody isika, na jentily, na mpanompo na tsy mpanompo dia iray ihany ny Fanahy manentana antsika.

Zanak'Andriamanitra isika, vokatry ny fampanantenain'i Jesoa izany araka ny voalaza ao amin'ny Evanjely nosoratan'i Md Joany (*Jo. 20, 19-23*). Maniraka antsika ny Fanahy masina.

Ry Kristianina havana matetika isika no manontany ny hahafantarana fa miasa ny Fanahy masina, ahoana ny hahafantarana fa eo anivontsika ny Fanahy masina ?

Ny famantarana voalohany ny asan'ny Fanahy masina dia isika miombona, izay rehetra mampiombona dia asan'ny Fanahy Masina. Raha misaratsaraka isika, raha manilikilika na manavakavaka isika dia fantaro fa tsy asan'ny Fanahy masina izany fa asan'ny demony. Ny fampisarahana, ny fanilikiliana dia manaporofa fa tsy ny Fanahy masina no manentana antsika. Ary izay no hita amin'ny alalan'ny fanatontoloana na globalisation izay heverina ho fampimbonana izao rehetra araka ny fomba fisainan'izao tontolo izao. Hitantsika anefa ny vokany. Mifanilika ary miady ... Izany no vokany.

Raha atao amin'ny teny hafa : ny fady ho an'ny Fanahy masina dia ny fahotana, ny asan'ny demony dia mampisaraka antsika, mampiditra antsika amin'ny fakam-panahy.

Ny fahafantarana faharoa dia isika afaka milaza araka voalazan'i Md Paoly fa i Kristy no Tompontsika, na dia maro samihafa ny fanomezan'ny Fanahy masina dia iray ao amin'i Kristy isika, fanomezan'ny Fanahy masina no mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra handraisantsika ny batemy.

Ny fahafantarana fahatelo dia ny Fanahy masina tsy mba mikombona na mampikombona, ilay fiombonana ho olo araiky dia tsy hoe mikombona fa maniraka antsika, i Jesoa ao amin'ny Evanjely milaza an'izany. Fiadanana vokatry ny fiombonana, ny fanomezana ny fiadanana omen'i Kristy antsika amin'izao Pantekôty izao dia tsy ho antsika samy irery fa hozaraina amin'ny manodidina, izay no i Jesoa mpiara-belona amintsika. TSY MAINTSY ZARY EOV MISIONERA IZAY VITA BATEMY KA ENTANIN'NY FANAHY MASINA. Araka ny efa voalazantsika hatramin'ny Paka dia isika izao no Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika ka maniraka antsika tokoa i Jesoa hizara ny hafalian'ny Paka, hizara ilay fiadanana nampanantenainy antsika. Henontsika tamin'ny alalan'ireo Evanjely nandritra ny fankalazantsika ny Paka fa isaky ny niseho tamin'ireo mpianatra izy dia manambara sy

manolotra ny fiadanana *"Homba anareo anie ny fiadanana!"*. Anjarantsika àry ny mizara ny vaovao mahafaly, izany hoe hahatonga ny olona ho zanak'Andriamanitra miaina ao anatin'ny fiadanana ka ny Fanahy masina no mankahery antsika araka voalazan'i Jesoa *"Raiso ny Fanahy Masina, ny fahotana izay havelanareo dia ho voavela ary izay hotananareo dia ho voatana"*.

Ry Kristianina havana tadidintsika ny hafatr'i Papa : " Irahina ho Mpamafy fiadanana sy fanantenana isika". Tsy tanteraka izany fiadanana sy fanantenana izany raha tsy mamboly sy mizara fifamelan-keleka sy famindram-po isika. Izany no tian'i Jesoa resahina raha maniraka ho EOVI MISIONERA Izy : "Raiso ny Fanahy Masina, ny fahotana izay havelanareo dia ho voavela... " izany hoe aoka hifamela heloka isika... Pantekoty Vaovao tokoa ho antsika ity Pantekoty ity raha tanteraka io hafatr'i Jesoa io, raha afaka mifamela heloka sy mifamindra fo ny fianakaviana eglizy kely, ny fiaraha-monina misy antsika sns... Rehefa ny Fanahy mpankahery no manosika antsika hizara izany vokatry ny Fanahy masina izany amin'ny mpiara-belona ka Izy Fanahy masina mampiombona antsika dia tanteraka ny tena fihavanana imatematesantsika fa soatoavintsika Malagasy... Raha ny marina ny EOVI MISIONERA dia irahina ho mpampihavana eo anivon'ny mpiara-belona. Entanin'ny ny fahazavan'ny Fanahy masina isika ka mitondra ny fiadanana ilay fiadanana marina dia ny fiadanana nampanantenain'i Jesoa.

Azontsika tsara ankehitriny ny antony anaovantsika izao Sinaody izao mba hahatonga antsika tokoa ho EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Ry Jesoa Tompo ô, misaotra anao izahay noho ny nanomezanao anay ny Fanahy masina ka enga anie ny Afon'ny Fanahinao Masina hanapotika sy handoro ny ratsy rehetra fa indrindra ny fitsitokotokoana sy fisarahana, ny fitiavan-tena, ny avonavona ary ny fialonana. Aoka kosa noho ny afom-pitiavany, ny afom-pitiavanao hampirehidrehitra ny fonay ka hitondra ny famindram-ponao eo amin'ny manodidina anay. Omeo anay tokoa ny aim-baovao entin'ny Fanahy masina, ny hery vaovao hahafahanay mitory ny hafalian'ny Paka mitondra fiadanana amin'ireo mpiara-belona aminay. Hirehitra fitiavana anie ny fonay hahatonga anay ho Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina anay. Ny Fanahinao Masina anie hanampy amin'ny dinika rehetra ataonay amin'izao sinaody izao ka ho EOVI Misionera hitondra fahazavana sy fiadanana amin'ireo manodidina anay amin'ny alàlan'ny fampitrahaofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Masina Maria Renin'ny Eglizy niara-nivavaka tamin'ny Apostoly ka nidinan'ny Fanahy Masina, ankininay aminao izao sinaody izao ka ho Senakla ho anay tokoa. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany ianao, ankininay aminao ny fianakaviana rehetra mba ho « Eglizy kely » tokoa ao an-tokantrano ka na dia eo aza ity krizy ity dia hametraka an'Andriamanitra ho ivom-piainana mandrakariva. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson